Hoy aho : Ry irak'Allah ô, inona no famonjena? Dia hoy izy : “Tandremo ny lelanao, ary halalao ho anao ny tranonao, ary mitomaniza amin'ny fahotanao.”

Tatitra azo avy tamin'i O'qbata bin À'mir Al-Johanì (R.A) : Hoy aho : Ry irak'Allah ô, inona no famonjena? Dia hoy izy : “Tandremo ny lelanao, ary halalao ho anao ny tranonao, ary mitomaniza amin'ny fahotanao.”

[Mari-pototra] [Notantarain'i Al-Tirmizì sy Ahmad]

Nanontany an'ny Mpaminany (S.A.W) i Oqba Ibn Amir ireo anton'ny hamonjena ny mpino eto an-tany sy ny any ankoatra? Niteny i Mpaminany (S.A.W) : Zavatra telo no tokony hataonao : Voalohany : Fehezo ny lelanao amin’ny zavatra tsy tsara, sy ny teny ratsy rehetra, ary aza miteny afa-tsy ny tsara. Faharoa : Mijanòna ao an-trano mba hanompoana an’Allah irery, miasa amin’ny fankatoavana an’I Allah ilay Tsitoha, ary misintaka mitokana ao antranonao manalavitra ny fakam-panahy. Fahatelo : Mitomany sy manenina ary mibebaha amin’ny fahotana vitanao.

http://sunnah.global/hadeeth/mg/show/3602